
# II. - IZY VALO MIANAKA



# Ikalamavo sy Ikalamainty

Miara-monina izy roa vavy ireo, ary miara-dalana matetika rehefa miremby. Miaraka mitady bibikely na voa hohaniny izy.

Nanatody Ikalamainty, nanao iraika ambin'ny folo. Dia nikotrika roatokombolana maninjitra tsara. Foy avokoa ny atody ka finaritra Ikalamainty nampitsangatsangana ny zanany, sy miantsoantso azy.

Toa hadinony Ikalamavo, ary rahonany mihitsy aza nony manatokatona ny zanany.

Nalahelo tokoa Ikalamavo. Diso lalàna ny akohokely anankiray indray andro. Nikiakiaka, ary efa mamoifo. Soa ihany fa nahita an'Ikalamainty izay nanambitamby azy ary nitarika azy tany amin-dreniny.


Nisaotsaotra Ikalamavo ka toa menamenatra, nahatsiaro ny nataony.

Niverina ny fifankatiavan'izy roa.

14

**Hazavao** : **Miara-dàlana — miremby — maninjitra — mamoifo**

**Ohabolana** : **Aza mamaly ratsy ny ratsy.**



# Ny tranonay

Vita ny trano vaovao nampanaovin'Idada ho solon'ilay trano lovabe nitoeranay hatramin'izay. Eo ampovoan'ny tanimboly no nanorenana azy.

Maro efitra malalaka tsara izy sady misy fitaratra mazava no mitafo fanitso. Mitovy amin'ireny trano amin'ny tanandehibe ireny raha ny endriny no jerena. Manana efitra iray lehibe ilay trano, efitra fandriana telo, fahandroana iray ary fandroana iray.

Dobobe simenitra misarona no anantazana ny rano avy amin'ny tafotrano ary tarihin'ny fantsona.

Simenitra koa ny atitrano fa tsy mba tsihy. Maitso tanora ny lokon'ny rindrina ary manga antitra ny fanambaniny.

— Ny fanaka sisa, hoy Idada, dia azontsika ipetrahana ny trano.

— Ka hatao inona ny tranontsika ity ? hoy Indriana.

— Hamboarina hatao fanangonana ny vokatra ary handaminana ny fiasana rehetra.

Hahafinaritra ery izany hipetraka amin'ny trano tsara tarehy, sady lehibe no vaovao. Tokony ho anio ihany dia hifindra!

**Hazavao :** lovabe — fanitso — simenitra — fanambany

**Ohabolana :** Trano atsimo sy avaratra, izay tsy mahalena ialofana.

**15**



# Nividy fanaka

— Mba hividy fanaka isika fa sahirana ery raha misy vahiny maromaro mamangy. Satria, antonona antsika mianakavy ny isan-tseza sy ny latabatra, ka raha sendra misy vahiny dia voatery maka ilay banc any andakozia ho an'ny ankizy.

Izany no resaka nifanaovan'Idada sy Ineny indray andro.

Tsy nahalala izay niafarany izahay ankizy fa niomana handeha hianatra.

Tonga telo andro taorian'ny resaka iny anefa ny fanaka.

Mpandrafitra eny an-drenivohitra hono no nividianana azy : fauteuil efatra sy divan anankiray. Voamboana no nanaovana azy, ary voahosotra varinesy. Mifono lamba toy ny hoditra izireo ary misy vimiaina. Tsara tarehy izaitsizy. Tao an'efitra lehibe fisakafoana no nasiana azy.

— Tsy maintsy tandremantsika, tsara ireo rankizy sao maloto na feno pentina ka hahamenatra amin'izay vahiny mety hipetraka eo.

— Ny vahiny ihany ve ry Ineny no mahazo mipetraka eo ? hoy Isoamavo.

— Mahazo mipetraka koa isika, raha mahatandrina tsara.

Isika tompony indray ve no tsy hipetraka ?

Faly daholo izahay nandre izany, ka avy hatrany Isoa dia nibehana teo ambony fauteuil.

Nihomehezanay izy nefa dia mba nihomehy koa.

**Hazavao :** fauteuil — divan — vimiaina — fisafoana

16

**Ohabolana :** Ny anaovana aro-riaka maina andro, matahotra ny ho lena raha fahavaratra.



# Ny zava-tsy hay...

Namaky kitay teo alatrano Idada.

Zerany ny famaky indray mandeha ny vatam-boandelaka ka mitriatra mora foana.

Nahita izany Indriana dia nangataka hanampy an'Idada.

— Efa vizaka hianao ry Idada fa aoka hampiako.

— Eny anaka, ary iny ny famaky, hoy Idada, nitsiky kely.

Nihataka izy ary nanatona Indriana nandray ny famaky. Nobatainy ilay vy be nefa tsy zakany. Nihoitra izy, nefa tsy afaka nanainga ny famaky.

— Aiza re izany anaka, hoy Idada. Batao re!... Nefa misaotra anao aho nikasa hanampy ahy. Rehefa lehibe hianao vao tena mahasolo ny ataoko.


— Fihomehezana no niafaran'ny fanampian'Indriana.

Hay mavesatra be iny famaky iny, hoy izy.

**Hazavao :** Nobataina — mibata — mihoitra

**Ohabolana :** Ambolo bitaka, ambolo matavy, ny zava-tsy hay tsy azo ibitabitahana.

**17**



# Ny zaridainako

Mahafinaritra ahy sady mahalasa ny eritreritro ny mahita ny hazo sy ny voly ary ny voninkazo.

Atao ao anaty tany ny voly; atsatoka ny taho, dia mitsimoka na maniry ravina.

Niteny tamin'Idada aho indray andro :

— Mba te-hanana zaridaina hamboleko aho ry Idada. Mba omeo faritra kely ho ahy aho, hasiako izay zavatra mba tiako hambolena.

— Ka eny antsaha sa eto an-tokotany ? hoy Idada.

— Eto an-tokotany akaiky ihany, fa eto no mora tandremana, sady azo jerijerena matetika.

— Andao ary hoy Idada.

Nasehony ahy ilay faritra kely vao nanesorana tsaramaso.

— Inona re no hamboleko eo ?

Rahampitso ihany dia hasaiko, dia hitaomako zezika. Avy eo ho hitako izay hataoko eo.



**Hazavao** : mahalasa ny eritreritra — taho

**Ohabolana** : Raha indray maka no manta vary, aza mandevin-tsotrobe.



# Ny hafatr'Idada

Andro tsy fianarana tamin'izay. Hiainga maraina hamangy ny rahavaviny Ineny sy Idada, Vao teraka mantsy io rahavavindreninay io, ary ny hariva ry Ineny vao ho tafaverina.

Efa voaoman'Ineny tsara ny sakafonay amin'ny antoandro.

Hianareo irery izao no ho eto tontolo andro hoy Idada. Hendre tsara. Sao misy miady na misy manimba zavatra. Ny lehibe tsy maintsy miandry tsara ny madinika. Zaza hendry daholo hianareo, ka tsy hiteny lava aho. Sa ahoana ry Isoa sy Indriana ?

Nifendrofendro Isoa, nefa nahare ny hoe : zaza hendry, dia tsy nahateny sady namerina ny ranomasony.

— Farany, hoy Idada. Lazao fa misy dia halehanay ka rahariva vao hiverina izahay raha sendra misy mitady.

Aza hadinoina ny mamahana ny kisoa sy ny akoho amamborona.

Nalahelo tokoa izahay nieritreritra ny hisaraka amin'Idada sy Ineny indray andro maninjitra.

Ary inona ny sakafo rehefa ry Ineny ? hoy Izanany.


Angamba ho tonga alohan'ny fanaovana sakafo hariva izahay, hoy Idada. Ny afo arehitra raha tahiny ka mba diso aoriana kely izahay.

Faly anankampo aho fa tsy ho hariva loatra izany Idada sy Ineny.

**Hazavao** : mifendrofendro — indray andro maninjitra

**Ohabolana** : Adaladala fiandry trano, ka homam-barin-jaza.

19



# Manampy an'Ineny

Nivaofy ovy Ineny. Samy teo daholo izahay nefa Isoa irery no niteny hoe :

Aoka hanampy anao aho ry Ineny.

— Tsy mila hampiana amin'ity aho, anaka. Fa tohizo izay zavatra ataonao.

— Tsy manao na inona na inona aho fa aoka hanampy anao. Dia mba malaky vita ny asanao.

— Mandehana ary maka antsy anankiray ary tandremo tsara sao maratra hianao fa maranitra tokoa izy.

Nandray ovy Isoa ary nanomboka nivaofy.

— Matevina loatra izany hodiny esorinao izany. Ataovy manifinify kokoa. Tonga tsy misy honanintsika fa lasa hodiny avokoa.

— Nitandrina fatratra Isoa, ary elabe vao nahavaofy ovy iray. Ineny efa nahavita dimy na enina.

Vita vaofy avokoa ny ovy rehetra. Vaky vava Isoa : « Hay sarotra ihany ny mivaofy ovy. Jereko amin'ny anaovan'Ineny azy ka toa moramora ery ».



**Hazavao** : Tohizo — malaky

**Ohabolana** : Ny mijery mora, fa ny manao sarotra.



# Nahazo telegrama

Samy nihevitra izahay fa efa lasa lavitra izay Idada. Misy raharaha halehany eny an-drenivohitra ary ora iray latsaka kely no efa nialany.

Injay anefa henonay ny tefotefon'ny mobiletiny.

Taitra daholo izahay, ary mbola lavitra izy dia niantso mafy Ineny nanao hoe : Nahoana hianao Rangahy no niverina ? Tsy namaly Idada fa nandroso ihany, ary na dia efa nijanona aza izy dia tsy niteny.

Nandray taratasy manga avy eny am-paosiny izy sady niteny : « Telegrama avy any amin-dRakotobe. Tonga tao Mojanga tamin'ny alahady teo hono izy ary ho tonga ao Antananarivo amin'ny alarobia ». Rakotobe zokinay, tafaverina avy any an-dafy io. Noraisin'Ineny ny telegrama dia novakiny.

Sinan'ny hafaliana izahay rehetra.

— Nifanena tamiko Raboto hoy Idada saika hanatitra iny telegrama iny ka tsy andriko ny ho rahariva vao hanome azy anareo.


— Ka aiza izao Rakotobe ry Idada ?

— Alatsinainy anio ? An-dalana ho any Diégo izy raha tsy efa tonga any mihitsy.

Isan'ny zavatra mahagaga ahy ny telefôna sy ny telegrama. Mba mety ho fantatro tsara va re ny fanaovana azireo ê.

**Hazavao** : telegrama — mobilety — telefona

**Ohabolana** : Ny havana aza hadinoina toy ny kitapo nahafahana entana.



# Rafitra an-trano

Lo ny varavaran'ny tranon'akohonay, ka niala mihitsy tamin'ny tolàna.

Efa ela ihany no tokony hamboarina izy ity hoy Idada, saingy nangataka andro lava teny ihany aho.

Tsy naharitra ny hainandro sy ny orana ka lo avokoa ny hazo. Tsy maintsy soloana anio ihany, satria tsy hirindrina ny tranon'akoho rahariva.

— Hampiako ve hianao ry Idada hoy Inaivo ?

— Eny anaka, alao ny metatra sy ny tsofa ary ny fandraka mandra-pitadiko izay mety amin'ireto tapaka hazo fisaka ireto.

— Vonona vetivety ny hazo sy ny fiasana. Ilay saron-kesika nitondrana entana novidina teny an-tanàna no natao.

Rehefa voarefin'Idada dia nomeny hotsofan'Inaivo. Hazo malemy ny kesika ka vetivety dia tapaka.

Namakona sy nanambatra azy Idada ary nametraka ny savily sy ny hidiny. Tsy nisy ora roa akory dia voasolo ilay varavarana.

Ho hosorana loko mba hateza satria raha tsy izany dia ho lo vetivety toy ny teo aloha.



**Hazavao** : **Tolàna — mandra-pitady — savily — hateza**

**Ohabolana** : **Aza mangatak'andro amin'ny adidy tokony hatao.**



# Ny zaridainan'Izanany

Manana zaridaina kely nomen'Ineny Izanany, ka azony volena izay tiany, hono.

Tandremo anefa sao manao volin'Ikaladala, ka atao eo izao zavamaniry rehetra izao, hoy Ineny.

Nataony tsara asa ilay zaridaina, ary nandrarahany zezika betsaka avy ao an-tranonakoho.

Ny pika sy ny dalia no voninkazo tiany indrindra, ka namboleny teo.

Faly ery izy miava azy sy manondraka azy maraina sy hariva. Indray andro anefa dia saiky nitomany izy nahita fa nalazo ilay fotopika tsara tarehy indrindra.

Bibikely hono no nihinana ny fakany.


Nohadiny moramora teo amin'ny fotony, ka inona tokoa fa tsy biby maintibe mahatahotra, nipelipelika izaitsizy.

Niantso an'Inaivo izy hanala azy, nefa tsy navelany hovonoiny satria nampalahelo azy fatratra na dia nihinana ny voninkazony aza.

Inona re no hataony mba tsy hisian'ireny bibikely manao an-kasomparana ireny ê ?

**Hazavao :** pika — dalia — miava — faka — an-kasomparana

**Ohabolana :** Toy ny zanakomby fahavaratra, sady lalao no harena



# Ny "Tafa sy dinika"

Mahafinaritra anay ny « Tafa sy dinika » avy any am-pita alefan'ny Radiô-Tananarivo.

Malagasy any an-dafy no miresaka amin'ny havany aty.

Mahahontsa tokoa ny mihevitra azireo any lavitrabe any, mametsovetso ny havana aty. Ary miteny irery. Tsy mba afaka mamaly ny aty Madagasikara...

Izao no renay indray mandeha izay :

— Ratovo ity miteny aminareo ity, ho an'Idada sy Ineny ao Ampasamadinika, ho an'Idadatoa any Farafangana, ho an-dry Ranaivo any Ihosy sy Izoky manao raharaha any Diego. Ho an'ireo namako niara-niasa tamiko ao amin'ny Birao ao Mananjary. Ary koa ho an'i Taoro kely sy Ivoahangy ary Izeze. Antenaiko fa mbola tsara avokoa tahaky ny nisarahantsika hianareo. Izaho no manavao tany kely angaha, tamin'ny hatsiaka, ka somary seriserena kely teo ho eo. Izao efa tsara tsy maninona fa aza manana ahiahy na dia kely aza.

— Mandroso tsara ny fianarana. Sarotsarotra ihany nefa miezaka tokoa : vitan'ny hafa ve tsy mba ho vitan'ny tena ?

Betsaka no niteny nandimby ary manan-kavana eran'ny nosy manontolo.

Mahagaga raha any Parisy no miresaka nefa re eran'izao tontolo izao !

**Hazavao** : **tafa sy dinika — ny any am-pita — mametsovetso — manavao tany — seriserena**

**Ohabolana :** **Veloma ry Ikaky sy Ineny, fa sinibe manga roa hianareo ka tsy misy tombo sy hala.**